le 20-10-24
1er PV
PV n° 10 ouverture

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA**

**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA**
**TAONA 2024**

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION
----------------
SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES
----------------

# FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-10

LANONAM-PANOKAFANA AMIN'NY FOMBA OFISIALY NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2024

Fivoriana voalohany
Natao ny
Talata 15 oktobra 2024
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa FOMENDRAZA Haingo Elisette
- Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco

**FOTOANA:** Talata 15 Oktobra 2024, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-panokafana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2024.

Fanamarihana: Firedonana ny Hiram-pirenena no nanombohana ny lanonam-panokafana tamin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2024.

Rehefa izany, niredona ny hira fanevan'ny Andrimpanjakana indray ny Antoko mpihiran'ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny mpivory.

**- 1 -**
**- Fitohizan'ny fivoriana -**

- Lakolosy -

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy;
Miarahaba antsika tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2024 izao.

Mialohan'ny hidirana amin'ny votoatin-draharaha sy ho fampiharana ny andininy faha-13 andalana faha-3 ao amin'ny Fitsipika Anaty Mifehy ny Antenimierampirenena, ampahafantarina isika fa araka ny Didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana laharana faha-37-HCC/AR tamin'ny 3 Septambra 2024 "concernant une saisine aux fins de constatation de la vacance de trois sièges de Députées nommées membres du Gouvernement et de désignation de leurs successeurs" dia:
- voatendry ho Solombavambahoakan'i Madagasikara ao amin'ny Distrikan'i Vohibato, Andriamatoa FREYDIER Michaël;
- voatendry ho Solombavambahoakan'i Madagasikara ao amin'ny Distrikan'i Fianarantsoa I, Andriamatoa RAZAFINDRAKOTO Victor;
- voatendry ho Solombavambahoakan'i Madagasikara ao amin'ny Distrikan'i Nosy Varika, Andriamatoa MALAINKORATSY Jocelyn.

Iangaviana ianareo telo mirahalahy mba hiroso etỳ anoloana mba ho hitan'ny besinimaro.

- Tehaka -

Miarahaba anareo izahay eto amin'ny fivoriambe ary mirary soa anareo ihany koa hahavita antsakany sy andavany ny adidy izay iantsorohanareo amin'ny maha Solombavambahoaka anareo tsirairay.

Mahazo mipetraka ianareo, Tompoko.

Hiditra amin'ny votoatin-draharaha isika izao; koa iangaviana, Andriamatoa Mpitantsoratra, mba hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

**- 2 -**
**- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -**

**Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ombako manana ny fiarahabana antsika rehetra.

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra ny mpiara-miasa tamin'ny famakiana izay andinin-dalàna izay.

Hiroso amin'ny kabary isika amin'izao fotoana izao.

**- 3 -**
**- Kabary nataon'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**

**Andriamatoa FILOHA**
Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;
Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona, misolotena an'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;
Ramatoa sy Andriamatoa isany mpikambana ao amin'ny Governemanta;
Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;
Ianareo Solombavambahoaka namana hajaina;
Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;
Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'Olombelona;

Andriamatoa Mpanolotsaina Ambony misolotena ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;
Andriamatoa Mpampakateny, misolotena an'Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;
Andriamatoa Sekretera Mpanatanteraka eo anivon'ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy;
Ianareo Mpiara-miombon'antoka ara-Teknika sy ara-Bola amin'ny Antenimierampirenena;
Ianareo mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena izay tarihan'Andriamatoa Sekretera Jeneraly;
Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy;
Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery maro samihafa;

Tompokolahy sy Tompokovavy;
Mitanondrika ho azy, hono, ny vero raha tojo fahanterana. Mitraka avy hatrany ny tsirimbary raha tojo ny fahatanorany. Izaho kosa no mahaloa-peo dia noho ny fahitana anareo.

Ny hery anefa tsy ananam-piry, ny tanjaka koa mety ho reraka ihany. Isika izao no afamijoro, ny fotoana no azo atrehina satria ao Izy Tompo Andriamanitra nitantana sy nanome tombon'andro antsika tsirairay avy. Koa hataoko ahoana no tsy hanonona ny fisiany; tsy hidera ny fitiavany ary tsy hankasitraka ny asany?
Koa hoy aho hoe: ho an'Andriamanitra irery ihany anie ny dera, laza ary ny voninahitra mandrakizay.

Raha vita iny ny sao-Janahary sy ny fiarahabana dia hataoko ho toy ny masoandro mitatao vovonana ny resaka etoana ka avy hatrany dia hahenika antsika rehetra tsy ankanavaka. Koa dia faly magnano mbola tsara ho antsika jiaby, Tompoko.

Na izany aza anefa, misy ihany ny miavaka amin'ny lafiny maro amin'ity fotoam-panokafana ny fivoriana ity satria araka ny efa nampahafantarina antsika teo dia ao ireo Solombavambahoaka mpisolo toerana izay mandray ny asany, misolo ireo Solombavambahoaka voatendry ho Minisitra araka ny didy izay navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.
Koa dia manamafy ny fiarahabana azy ireo tonga soa ato amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ny tenako.

Efa nanao izay fiarahabana manokana izay ihany isika ary izao vao misy ny lahateny ofisialy eto anivon'ny Antenimierampirenena taorian'ny nahavoafidy ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, Andriamatoa Andry Nirina RAJOELINA, ho Filohan'ny Vondrona SADC amin'ny taona 2025.
Koa amin'ny anaran'ny Antenimierampirenena no iarahabantsika azy handray izany andraikitra goavana izany sy itondrana ny teny firarian-tsoa ho azy mba hahavitany ampahombiazana ny asa hiantsorohany ho reharehan'ny Firenena Malagasy.

Tompokolahy sy Tompokovavy;
Hiroso amin'ny votoatin-dresaka isika ary maromaro ihany izy ato hoy ilay tsy mahay manisa.
Araka ny fanao tokoa mantsy dia tsy azo atao ambanin-javatra ny fitanisàna ireo asa nataon'ny Antenimierampirenena sy ny Birao Maharitra nandritra ny fotoana tsy nisian'ny

fivoriana satria zon'ny Solombavambahoaka feno no mahafantatra izany ary tokony hampahafantarina ny vahoaka koa izany rehetra izany mazava ho azy.

Amin'ity indray mitoraka ity kosa, ialana tsiny raha tsy ho voatanisa eto avokoa izany noho ny hamaroany fa noraiketina ao amin'ny Tranon-kala sy ny Pejin'ny Antenimierampirenena. Asaina arak'izany isika Solombavambahoaka na ny olom-pirenena izay liana te-hahafantatra ireo asa marobe ireo mba hitsidika ny Pejy sy ny Tranon-kala.

Misy asa vitsitsivy ihany anefa tsy maintsy asongadina eto dia ny fitokanana tamin'ny fomba ofisialy teto amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ireo fitaovana famokarana herinaratra azo avy amin'ny herin'ny masoandro izay notarihan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny Masoivohon'ny Firenena Indiana, Andriamatoa BANDARU Wilsonbabu ary natrehan'ny solotena avy amin'ny Governemanta sy ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena ary ny teknisiana ihany koa. Vokatry ny fiaraha-miasa teo amin'ny Governemanta Indiana sy ny Antenimierampirenena izy io, ho fanamafisana ny fiaraha-miasa sy ny finamanana eo amin'ny parlemantera roa tonta.

Raha ny asa miandry ny Antenimierampirenena mandritra ity fotoam-pivoariana ara-potoana faharoa ity indray izay natokana indrindra handinihana ny Lalàna hifehezana ny tetibolam-panjakana, taona 2025 (LFI 2025) araka ny Lalàmpanorenana dia hisy ireo Volavolan-dalàna tsy maintsy handalo ary ny irariana dia hanomboka sahady koa ny Solombavambahoaka hanolotra Tolo-dalàna maro samihafa.

Manolona izao ady atao amin'ny fanimbana ny tontolo iainana sy ny fiovaovan'ny toetr'andro izao dia tokony hokarakaraintsika ny fanaovana lalàna tokana mikasika ny toetr'andro na ny "Loi sur le climat". Maro mantsy ireo antontan-taratasy na "documents" iasantsika amin'izao fotoana izao izay misy fifandraisana amin'ny ady atao amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny fiarovana ny tontolo iainana. Indraindray anefa, manahirana ihany ny fampiharana azy ireny noho ny fiparitahan'ny antontan-taratasy izay misy. Koa tonga ny fotoana izay tokony hananantsika lalàna lehibe iray mikasika ny toetr'andro dia io "Loi sur le climat" io izany. Maro ireo firenena namantsika efa manana azy io ary hita fa mora kokoa ny ady atao amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro rehefa misy io lalàna tokana io.

Vonona ihany koa ny Antenimierampirenena hifanome tànana amin'ny Governemanta, indrindra ny Minisiteran'ny Fitsinjaram-pahefana amin'ny fanavaozana na ny fanatsarana ireo didy aman-dalàna na ny "Réforme de cadre juridique" amin'ny resaka fitsinjaram-pahefana eto Madagasikara mba hanatanterahana ny "Plan National de la Décentralisation Emergente (PNDE)" izay tena ilain'ny vahoaka tokoa mba hahafahan'izy ireo mandray anjara sy andraikitra amin'ny fitantanan-draharaha eny ifotony.

Tompokolahy sy Tompokovavy;
Mahakasika ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny dia zava-dehibe sy manan-danja loatra ka tsy maintsy asiana resaka ny fampiantranoan'i Madagasikara ny "Assemblée générale des Actionnaires de l'Africa 50", izay natao teny amin'ny CCI-Ivato nanomboka ny Alakamisy faha-19 Septambra 2024 lasa teo iny.

Nahomby ny fikarakarana sy ny fandraisana ireo mpandray anjara. Henin-kaja sy henim-boninahitra ny Firenena Malagasy noho ny fahaizana sy ny haitarika ananan'ny Filohan'ny Repoblika Andry RAJOELINA.

Fantatra ihany koa izao fa:

- mbola hampiantrano ny fihaonana an-tampon'ireo Filoham-panjakana sy Governemantan'ireo firenena mikambana ao anatin'ny Kaomisionan'ny Ranomasimbe Indiana (COI) i Madagasikara, izay hotanterahina any Nosy Be amin'ny voalohan'ny taona 2025.
- mbola hampiatrano koa isika ny fihaonana an-tampon'ireo Firenena mpikambana ao amin'ny Vondrona SADC amin'io taona 2025 io ihany.

Raha eo amin'ny arak'olona kosa, handray anjara amin'ny fitantanana samihafa isika, toy ny:

- fandraisan'i Madagasikara ny fitantanana ny SADC araka ny efa nambara teny aloha.
- efa Malagasy koa amin'izao fotoana izao ny Sekretera Jeneralin'ny Kaomisionan'ny Ranomasimbe Indiana (COI).
- mety mbola ho Malagasy ihany koa no hitantana ny Kaomisionan'ny Vondrona Afrikana raha sitrapon'ny Tompo.

Raha ireo fotsiny dia ahafahantsika milaza fa hifanesy ny fampiantranoana ireo fihaonana an-tampony sy ny Malagasy hitarika fikambanana iraisam-pirenena izay mariky ny fahatokisan'ireo firenena hafa an'i Madagasikara.

Ny fandraisana fivoriana iraisam-pirenena goavana toy izany dia ahafahana manaporofo fa firenena manana ny toerany atỳ amin'ny ranomasimbe Indiana sy Afrika i Madagasikara.
Ankoatra ny fankatoavana diplaomatika na ny "reconnaissance diplomatique" azo dia hisy fiantraikany miabo ara-toekarena koa izany rehetra izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy;
Na eo aza anefa izany rehetra izany, ny mpitondra tomponandraikitra dia tsy maintsy mihaino mandrakariva ny vahoaka mba ahafahany mitondra vahaolana amin'ny fiainana andavan'andron'ny mponina.

Iarahantsika mahita tokoa, fa mbola misy ny fahatapahan'ny jiro sy rano amin'ny tanàn-dehibe sasantsasany. Eo anatrehan'izany kosa, isaorana etoana fa betsaka ny fandraisana andraikitra ataon'ny fanjakana ankehitriny, indrindra fa ny Filohan'ny Repoblika, saingy aretina efa ampolon-taonany maro izy io ka tsy ho sitrana indray andro.
Anisan'ny ezaka goavana ataon'ny fanjakana ireny efa hitantsika sy rentsika nandritra ny tatitry ny Filankevitry ny Minisitra ireny dia ny mikasika ny orinasa JIRAMA, izay nanomezan'ny Filohan'ny Repoblika Andry RAJOELINA baiko ny hijerena akaiky ny mangarahara amin'ny fitantanana ity orinasa ity sy ny hijerena manokana ny vola miditra sy ny vola mivoaka ao aminy.

Anisan'ny vahaolana maharitra ihany koa ny fifanaovan-tsonia mahakasika an'i Volobe nandritra iny "Assemblée Générale de l'Africa 50" iny. Ao koa ny vokatry ny dian'ny Filohampirenena tany "Chine" farany teo iny, izay nahazoana famatsiana herinaratra manodidina ny 350 MW.

Hanomboka ato ho ato koa ny asa fananganana ireo tobim-pamokarana herinaratra azo avy amin'ny herin'ny masoandro, tetikasa "parcs solaires 50 MW" any amin'ireo Distrika sy tanàn-dehibe maro samihafa.

Raha ny resaka rano indray dia fantatra fa efa misy fikarakarana sy fitadiavam-bahaolana maro efa karakarain'ny tomponandraikitra mahakasika izany amin'izao fotoana izao; fa na mahakasika ny jiro na momba ny rano dia manao antso avo amin'ny vahoaka Malagasy izahay: aza simbaina ny tontolo iainana ary atsaharo ny tevy ala sy ny doro tanety, fa isika mianakavy ihany izao no mizaka ny vokany. Satria, ankoatra ny voka-dratsin'ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny fahanteran'ny fotodrafitrasa dia mamela takaitra goavana io fanimbana ny tontolo iainana io. Anisan'izany izao fahavoazana ara-jiro sy rano mahazo antsika izao.

Tompokolahy sy Tompokovavy;
Mandalo vanim-potoanan'ny fifidianana indray ny firenena ankehitriny. Zava-dehibe ny hisian'ny safidim-bahoaka amin'izay hitondra ny tanànany. Koa manao antso avo hampanjakana ny fitoniana sy filaminana mba hampizotra izany an-tsakany sy an-davany izahay ato amin'ny Antenimierampirenena.
Hatao izay hahalavorary an'io fifidianana io mba hampanjaka ny demokrasia izay antoky ny fampandrosoana ny firenena.

Mialohan'ny hamaranana ny lahateny dia mitodika manokana amintsika Solombavambahoaka ny tenako.
Fantatra fa mifanandrify amin'ity fotoam-pivoriantsika mandritra ny 60 andro ity ny fotoanan'ny fifidianana. Misy amintsika Solombavambahoaka no handeha hirotsaka ifotony hampandany izay kandidà hotohanantsika, ka ny asa ato amin'ny Lapa koa anefa tsy azo avela. Koa manainga ny fahaizanareo mandanjalanja sy mandamina ny fotoana mba tsy handeferan'ny asa fanaovan-dalàna satria raharahan'ny vahoaka Malagasy sy ny firenentsika izany. Araka ireny sosokevitra avy taminareo ireny dia hiezaka hatrany isika hanatsara izay tokony hohatsaraina amin'ity Andrimpanjakana ity mba hahafahantsika Solombavambahoaka manatanteraka an-tsakany sy an-davany ny asantsika.

Ho an'ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka kosa, raha manara-baovao isika ka mandinika amin'ny saina tony dia hahafantatra fa tena miainga sy miroso tanteraka amin'izao fotoana izao ny lafim-pampandrosoana eto Madagasikara.
Voakasik'izany avokoa ny sehatra rehetra toy:
- ny fizahan-tany;
- ny fanavaozana ara-teknolojia sy ny "digitalisation";
- ny fampiroboroboana ny fotodrafitrasa;
- ny fanaovana làlana vaovao sy nasiam-pikojakojana;
- ny fambolena sy ny fiompiana ary ny indostria sy ny jono;
- ary indrindra ny lafiny ara-diplaomasia.

Fehiny: efa be no vita, fa ny sisa manaraka eny ihany amin'ireo mbola tsy vita sy tokony hatao, fa ny zava-dehibe dia ny hisian'ny fiaraha-miasa amin'ny Andrimpanjakana rehetra misy eto amin'ny tany sy ny firenena mba hanamora ny fanatanterahana ny programan'asam-pampandrosoana rehetra izay ataon'ny fitondram-panjakana.

Izay no lava, izay no ela. Raha tady iny dia namatotra, fa saingy teny kosa ka nifampitafàna.
Noho izany, ankasitrahana ny rehetra naharitra nihaino hatramin'ny farany.

Mamerina ny fisaorana an'ireo vahiny manan-kaja tonga manotrona ary tsy adino koa ny tompon-trano izay nampiseho fahavononana sahady hiatrika ny adidy mandritra ity fotoam-pivoariana atrehintsika ity.

Misaotra Tompokolahy.
Mankatelina Tompokovavy.

- Tehaka -

Ho fanajana ny andininy faha-204 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, amin'ity taona 2024 ity.

**- 4 -**
**- Fiatoan'ny fivoriana -**

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy,
Alohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia tiako ny mampahafantatra antsika, fa rahampitso Alarobia 16 Oktobra 2024, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra izay hatao ao amin'ny "Salle BP". Amin'ny 3 ora, tolak'andro kosa ny fivorian'ny Diniky ny Filoha ary amin'ny 5 ora, hariva, ato amin'ny «Salle des Séances» ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena.

Miato hatreo ny fivoriantsika.

Misaotra Tompokolahy,
Mankasitraka Tompokovavy.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

**NY FILOHA**

**TOKELY Justin**